# Fivoaran'ny vidin-tsolika

## Zava-misy nanomboka ny volana janoary hatramin'ny volana mey 2025

Ny 18 janoary 2025 dia nisy ny fanitsiana ny vidin-tsolika izay nihena -200Ar/L ho an'ny lasantsy (SP95) sy nihena -140Ar/L ho an'ny Gazoala (GO), taorian'ny fampiakarana ny vidin-tsolika izay nahatratra 44% ny volana jolay 2022.

Noho izany, nandritra ny dimy volana voalohany tamin'ity taona 2025 ity, ireto manaraka ireto ny fanitsiana samihafa natao :

**Fivoaran'ny vidin-tsolika ny volana janoary hatramin'ny volana mey 2025 (Ariary/L)**

| | Desambra 2024 | 18/01/2025 | | 05/02/2025 | | 05/03/2025 | | 05/04/2025 | | 05/05/2025 | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Fanitsiana | Vidiny vita fanitsiana | Fanitsiana | Vidiny vita fanitsiana | Fanitsiana | Vidiny vita fanitsiana | Fanitsiana | Vidiny vita fanitsiana | Fanitsiana | Vidiny vita fanitsiana |
| Lasantsy (SP 95) | 5900 | -200 | 5 700 | -200 | 5 500 | -180 | 5 320 | - | 5 320 | +190 | 5 510 |
| Solika fandrehitra (PL) | 2430 | - | 2 430 | +200 | 2 630 | +200 | 2 830 | +200 | 3 030 | +200 | 3 230 |
| Gazoala (GO) | 4900 | -140 | 4 760 | +130 | 4 890 | +80 | 4 970 | - | 4 970 | +200 | 5 170 |

## Ahoana ny momba ny vidin-tsolika amin'ny volana Jiona 2025?

Ankoatra ny vidin'ny solika fandrehitra dia heverina hisy fihenana ny vidin-tsolika hafa amin'ity volana jiona 2025 ity sy ireo volana ho avy.

+ : niakatra
- : nihena

www.omh.mg omh@omh.mg Office Malgache des Hydrocarbures